


# **ALAHADY fankalazana ny FIANAKAVIANA MASINA**



**« Ary i Jesoa nitombo fahendrena sy tena, ary nandroso nahatehotia tamin'Andriamanitra sy ny olona » (Lk. 2: 52)**

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady manaraka ny Noely izao dia mbola ao anatin'ny hafalian'ny Noely isika. Ny Teny Tonga Nofo no banjinin'ny Fianakaviana masina izay modely ho an'ny fianakaviana rehetra. Tsy fianakaviana mikombona ny Fianakaviana Masina misy an'I Jesoa,

Maria, Josefa satria araky ny fantatsika dia nivelaatra tamin'ny olon-drehetra izy ireo na dia tao anaty tranon'omby no nahaterahan'I Jesoa. Tsara anefa ny manaraka fa ireo olontsotra tahaka ny mpiandry ondry no nandray azy.

Vakiteny I : Ekleziastika 3, 2-6, 12-14  
Tononkira : Salamo 127  
Vakiteny II : Kôl. 3, 12-21  
Evanjely : Mt. 2, 13-15.19-23

Faly sy ravo isika mifampiarahaba amin'izao noely izao fa indrindra amin'izao fankalazana ny Fianakaviana Masina izao satria ny fianakaviana dia isika miombona ho Olo Araiky ao amin'Andriamanitra. Io no ambaran'I Papa François ao amin'ny Ansiklikany "Fratelli Tutti". Na izany aza dia faly miarahaba manokana ny fianakaviana tsirairay. Enga anie ho fianakaviana misy an'Andriamanitra ny fianakaviantsika satria midika izany fa eo anivontsika ny loharano sy fototry ny fiadanana. Izany no mahatonga ny fiteny hoe "*Lanitra eto an-tany ny fianakaviana mifankatia*". Raha atao amin'ny teny hafa dia fianakaviana anjakan'ny fifanompoana, sy fahafoizana ary fifampsitsimbinana anatin'ny fikatsahana mandrakariva ny rariny sy ny hitsiny. Tsy inona fa tsy izany no ataontsika amin'ny Sinaody : "Eglisy Olo miara-dia, velomin'ny Batemy, miombona, mandray an-tanana ka irahina zary Tabernakla Velona". Azontsika onona tsara

amin'izaony anton'ny anombohana any amin'ny fianakaviana "eglizy kely" ny Sinaody. Raha tanteraka izany ezaka miara-mivavaka miara-mandalina ny finoana dia zary famantaranana sy vavolombelon'ny fiadanana ho an'ireo manodidina tahaka ny Fianakaviana Masina.

Masina tokoa ny fianakaviana tao Nazareta satria nahay nandray an'I Jesoa izy ireo, I Jesoa no teo anivon'ny fainan'izy ireo, izany no nampiova tanteraka ny fainan'I Maria sy Josefa satria nahay nandray an'I Jesoa izy ireo. Voafidin'Andriamanitra izy ireo dia I Josefa sy Maria nefà fantantsika fa nandritra ny fiomanantsika tamin'ny fiaviana ny Noely, ny fainan'izy ireo dia fainana misokatra amin'Andriamanitra. Ny olana misy amintsika dia ny tsy fahaizantsika mandray an'Andriamanitra, fa fainana mikombona loatra amin'ny tenantsika ka matetika fitiavan-tena no manjaka.

Antitranterin'ny Papa Ray masina fa marary ny fianakaviana ankehitriny, mitady hanapotika azy ny firehan-kevitra voizin'izao tontolo izao satria ny fototry ny fianakaviana no hozongozoniny amin'izao dia ny fanambadiana sy ny fiterahana. Vokatr'izany dia ny mahaolona mihintsy no voahozongozona. Ny tontolom-piaïnantsika mihintsy no tadiavina hopotehina raha manapotika ny fianakaviana satria izy no loharano sy fototry ny fainantsika olombelona, raha io no tadiavina hozongozonina dia manapotika ny fainantsika ka rariny raha manokana izao andro izao ny Eglizy. Ny Alahady aorian'ny Noely, izany hoe "Andriamanitra eto amintsika", ny Eglizy no manasa antsika hibanjantsika bebe kokoa ny fainam-pianakaviana ka hahatonga antsika hivelona sy hiaina azy izany hoe miezaka manarina azy araky ny maha izy azy. Izany no nantitranterina tamin'ny hafatry ny Eveka farany. Mendrika sy rariny ary mahavonjy antsika raha nanao izany ny Eveka satria fototry ny fainantsika olombelona ny aina sy fianakaviana. Zary génération mpanorina tokoa isika, Mpanorina ETA sy EOV isika raha manorina ny fianakaviana, "eglizy kely" araka ny sitrak'Andriamanitra.

Araky ny voalazantsika raha mametraka an'I Jesoa eo anivon'ny fainantsika isika dia zary fianakaviana masina ny fianakaviantsika. Izany no nampirisihantsika mandrakariva ny mba hananantsika Baiboly isa-pianakaviana. Hanavao izany isika amin'izao Sinaody izao. Izay fianakaviana tsy mbola manana dia aoka hanana. Ny fianakaviana no Eglizy kely rehefa eo anivon'ny fainam-pianakaviana manontolo I Jesoa ka ny fototr'izany araky ny vavaka ataantsika dia ny hahatonga antsika ho senakla ; toerana hivavahana handraisana ny Fanahy masina satria io no manova ny fainan'ny tsirairay tahaka ny manova ny fainan'ny Apôstôly feno ny Fanahy masina ka nijoro ho vavolombelona, ary nanomboka teo no teraka ny Eglizy.

Manantena "depart vaovao" isika. Miandranda "Pantekoty vaovao" isika amin'izao Sinaod izao. Tanteraka izany raha fianakaviana Eglizy Kely ny fianakaviantsika. Ny ahafantarana fa Eglizy Velo isika raha zary misionera. Ny fianakaviana "Eglizy kely" no tsy maintsy misioneran'ny fianakaviana.

Izany fijoroana ho vavolombelona izany no tadiavin'ny andro iainantsika izao fa tsy ny mpitoky teny ka enga anie mba ho programantsika amin'izao taona vaovao izao ny hametraka ho senakla ny fianakaviantsika tsirairay ka ho lavitra ireo mpanakorontana ny fianakaviana rehetra.

Aoka ho toerana handalinana ny Tenin'Andriamanitra sy handraisana an'i Jesoa ny fianakaviantsika, izany no nataon'I Masina Maria sy Md Josefa. Matoa I Jesoa sahy nijoro tao amin'ny sinagoga ka nitoky namaky ny Tenin'Andriamanitra "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo...." (Lk 4, 18) satria tao amin'ny tokantrano nisy Azy dia zatra namaky ny Tenin'Andriamanitra.

Raha tiantsika ho génération mpanorina, Mpanorina ETA sy EOV ISIKA ka zary Tabernakla Velona dia aoka ny fianakaviana handray ny Baiboly eo anivon'ny fianakaviana ka handalina ny tenin'Andriamanitra fa hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiaianana maha zanak'Andriamanitra ka hiadam-pinaritra isika ary ho lavitra araky ny vavaka ataontsika ho an'ny fianakaviana izay ataontsika isaky ny Sabotsy, izay hanokantsika ivavahana ho an'ny fianakaviantsika miaraka amin'I Masina Maria sy ny Fianakaviana Masina, ho fianakaviana misy an'Andriamanitra tokoa anie ny fianakaviantsika tsirairay amin'izay.

Manampy antsika hivelona an'izany ireo Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady ahatsiarovana manokana ny Fianakaviana Masina. Hitantsika ao amin'ny vakiteny voalohany Bokin'I Samoela izay manambara ny vavaka nataon'ny Ray aman-drenin'I Samoela ka nanolorany an'I Samoela ho an'Andriamanitra. Aoka isika amin'izao andro sarotra iainantsika izao samy vonona hanolotra ny zanantsika fa indrindra amin'ny fotoanan'ny batemy. Aoka isika hanolotra ny fiaianantsika mandrakariva amin'Andriamanitra, izay no hahatonga an'Andriamanitra eo anivontsika amin'ny fiaianantsika mba ho taranaka miombona amin'Andriamanitra ny taranantsika, ho taranaka mahafoy ho an'Andriamanitra, ho taranaka manana faharetana amin'ny vavaka, mirotsaka ao anatin'ny Fikambanana masina sy firohotana masina, mikatroka ao amin'ny vaomiera isan-karazany. Miditra ao anatin'ny rafitra misy eo amin'ny Eglizy hivelomantsika ny maha zanak'Andriamanitra antsika. Hararaontintsika izao fiatrehantsika ny Sinaody izao handalinantsika bebe kokoa ireo dingam-piainana ireo. Anisan'izany ny nofifnofintsika mba hisy katesizy manomana amin'ny fiaianana manaraka ny Kofirmasio? Izany hoe mandritra ny roa taona dia "fianarana mitondra ho Olon-dehiben'ny finoana"

Ny vakiteny faharoa taratasin'i Md Joany mampianatra antsika ny fiombonantsika amin'I Jesoa sy ny fifankatiavantsika. Io no hahazoantsika ny famonjena ka hahafantsika ihany koa mizara ny fiaianana amin'ireo manodidina antsika, rehefa ao amintsika Andriamanitra dia mazava ho azy fa madio ny fiaianantsika izany hoe mamirapiratra, ka zary fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina antsika. Antitranterin'I Md Joany fa ny finoana no mahatonga an'I Jesoa eo anivon'ny fiaianantsika.

Voalazantsika teo am-piandohana ny anjara toeran'ny Tenin'Andriamanitra ary voalaza ao amin'ny Evanjely izany raha mamaky ny bokin'Izaia mpaminany I Jesoa, tsy nisalasala izy na dia mbola kely satria efa zatra avy tao an-trano amin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra ka talanjona ireo nihaino azy. Enga anie isika tsy ho voky an-tsaina, mahay an-kandrina fotsiny fa voky am-po, nitahiry ao am-po izany hoe mitondra fiovana mahery vaika eo ny fiaianantsika, "changement radical de comportement" ka hovan'ny Tenin'Andriamanitra ny fiaianantsika. Hangataka amin'Andriamanitra isika araky ny hiran'ny ranombavaka ataontsika "Mandrosoa e ao an-tranonay ianao ry Jesoa". Enga anie amin'izao taona vaovao izao mba hiditra ao an-tranontsika, ao am-pontsika amin'ny fiaianantsika andavanandro I Jesoa Tenin'Andriamanitra ka ny fiaianantsika mba ho Tenin'Andriamanitra tahaka ny fianakaviana masina, zary Tabernakla velona.

Ry Jesoa Tompo ô, nibanjina ny fiaianan'ny Fianakaviana Masina izahay. Masina satria teo anivon'izy ireo Ianao, masina ihany koa satria nahay nandray ny Tenin'Andriamanitra izy ireo ka vokatr'izany nahay nizara teo amin'ny manodidina. Tsy fianakaviana mipetra-potsiny ny fianakavianao ry Jesoa fa fianakaviana miasa ka ampio izahay mba ho vonona hirotsaka, hiditra amin'ny firohotana, hikatroka

amin'ny vaomiera, ho vonona amin'ny fandalinam-pinoana fa indrindra amin'izao Sinaody izao. Rehefa "miara-mivavaka, sy mandalim-pinoana" ny fianakaviana, "Eglisy Kely" dia mba ho voky Tenin'Andriamanitra ka hahay haneho izany amin'ny fiainanay andavanandro. Enga anie izahay mba ho fianakaviana miasa tokoa, fantatrao fa maro ireo tanora na reny na raim-pianakaviana tsy an'asa, tsy manana antom-pivelomana noho ity KORONTANAVIRUS ity ka tsy mahita fivelarana izy ireo noho izany satria ny asa tokoa no manome ny hasin'ny maha-olona. Enga anie hahita ny asa sahaza azy ny tsirairay ka hahitany fivelarana eo amin'ny fiainany. Asa ho entina hanompoana anao sy ny namana fa tsy hoe hanapotehana ny namana, ho tahaka an'i Md Josefa sy I Masina Maria, niasa izy ireo namelona ny fianakaviany. Enga anie izahay koa ho vonona hanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra tahaka an'i Josefa sy Maria.

Ry Jesoa Tompo ô nifidy fianakaviana tokoa ianao, niaina ny tena fitiavana tamin'ny fiainana ny Tenin'Andriamanitra, ataovy mahita fianakaviana hatramin'ny mbola fahazaza ny olona rehetra ka ho afaka hanorina fianakaviana sambatra ny olombelona rehetra ka ho oloaraiky ao Amino, zary génération mpanorina tokoa izahay satria Eglisy Olona Velona mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, manorina Eglisy Tranon'Andriamanitra. Masina Maria Reny, Reny tokoa ianao ka ankininay aminao ny Ranim-pianakaviana Jiaby fa indrindra ireo mijaly amin'ny tokantranony, amin'ny fanabeazana ny zanany. Mivavahà ihany koa ho an'ireo mampijaly, manapotika ny tokantranony amin'ny toe-piainana tsizarizary. Md Josefa Ray Mpitaiza an'I Jesoa, Mpiaro ny Eglisy eran-tany mivavahà ho an'ny Ray raim-pianakaviana mba samy hivelona ny vokasiona maha Ray azy izy ireo fa araka ny voalazan'I Papa "Mila Baba izao andro izao". Handray ny adidy sy andraikitra maha Baba azy anie ny Raim-pianakaviana rehetra. Ry Jesoa, Masina Maria, sy Md Josefa Fianakaviana iray ny firenena ka ankinina aminao ity Firenenay ity amin'izao faran'ny taona izao fa tena mijaly ny maro. Mivavahà mba ho taom-pandrosoana ho an'ny firenenay io taona vaovao io. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson